Tsy Imbiky ihany **3**

## Fa hatrany amin-dRajoelina mihitsy no tokony hiala

Traboinan'ny rivodoza Batsirai **2**

## Hanome fanampiana ho an'i Madagasikara i Kaomôro


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 15 febroary 2022 Laharana 1262 Vidiny : **400 Ar**


**Rivodoza Dumako** **6**

## Mety hikasika an'i Madagasikara anio hariva


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Mananjary faritra Vatovavy** **2**

# Fiangonana, Tranobe, lalana, nitondran-dRavalo fanampiana






**Distrikan'i Moramanga** **2**

# Manana olona, manana hevitra ny antoko TIM hoy Dr Andry



**GTT-RMDM Diaspora La Réunion** **2**

# Traboina miisa 200 no nomeny fanampiana tany Moramanga



**Antoko AREMA** **3**

# Miaro ny tontolo iainana nahavoly zanakazo miisa 3000



**Fetin'ny mpifankatia** **6**

## Lehilahy iray nitsoraka teo amin'ny tetezana Anosizato

**Fiainan'antoko** **3**

## Velona sy mandray andraikitra ny Jeune TIM Toamasina

**Daka kely**

Toa ny Kômôro indray no nahavita nanampy an'ialahy voalohany ry Boaikely a !

MANANJARY FARITRA VATOVAVY

# Fiangonana, Tranobe, lalana, nitondran-dRavalo fanampiana



Tany Mananjary renivohitry ny faritra Vatovavy ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny RMDM sy ny antoko TIM ary ireo mpiara-dia aminy ny faran'ny herinandro teo, nijery ny zavamisy tany an-toerana ary nitondra fanampiana noho ny takaitra navelan'ny rivodoza Batsirai tany amin'ity distrika ity. Fiangonana, Tranobe, lalana, tranon'olon-tsora, nitondran'ny filoha Ravaliomanana fanampiana avokoa ny fanarenana an'izy ireny. Feno dia feno tokoa ny fandaharam-potoanany tany an-toerany. Araka ny nambarany:" mahafaly ahy ny nihaona tamin'ny Birao Foibe Fjkm, izay tonga teto Mananjary, rehefa avy nitety ny Faritra Matsiatra Ambony syVatovavy ary Fitovinany, nijery ireo fotodrafitrasa izay ravan'ny rivodoza, ka mijery izay fomba hanarenana izany. Ankoatra izany, noana sy tsy manan-kialofana ny vahoaka ka manentana ny rehetra, sy ny Foibe Fjkm ihany koa ny tenako, mba hitady ny fomba iaraha-miasa amin'ny PAM, ka hitondra vahaolana haingana ho an'ireo vahoaka, izay mizaka ny tsy eran'ny ainy. Tonga niara- niombom-bavaka tamin'ireo mpino sy ny Birao foibe Fjkm teto amin'ny Fiangonana Mananjary Famonjena sy Antanambao Zoara Finoana ny tenako ny alahady maraina teo. Nandritra ny fitsidihana taty koa, no nahitana ny fahasimbana maro, toy ny tafom-piangonana, ka dia nanao tolo-tánana aho hanarenana ireo fiangonana ireo. Maro dia maro ireo fiangonana no rava tanteraka na misy fahasimbana goavana tao anatin'ny faritra nandalovan'ny rivodoza, ka dia miombom-po sy mankahery ny rehetra ny tenako. Araky ny toromarika izay nomeko ho fanarenana ny tanànan' i Mananjary dia miara-mientana ny Tily sy ny Mpanazava ary ny mpiara-dia amiko amin'ny fanantanterahana ny asa soa ho an'ny mpiara-belona, anisan'izany ny fanadiovana ny tanàna, sy ny fanokafana ny lalana noho ny mbola fisian'ny hazo tapaka. Mbola anisan'ny olana goavana eto an-tampon-tanànan' i Manajary izao ny fisian'ny hazo manakana, ka tsy ahafahan'ny fiara mivezivezy. Tsy niandry ela aho fa tonga dia nanentana sy nandray anjara tamin'ny fanesorana ireo sakantsakana. Anisan'ny nanamora ny asa ny fitondrana ireo fitaovana manaraka ny teknolojia. Ankoatra izany, nihaona sy nanome toromarika ho an'ireo mpitarika TIM sy RMDM eto Mananjary amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fanampiana sy fanomezan-tànana eo amin'ireo vahoaka sy ireo vahiny tonga manampy eto an- toerana ny tenako. Nitaraina ny mponin'i Mananjary, fa simba sy potika ny tanàna sy ny fananan'izy ireo. Nitaraina ihany koa izy ireo momba ny fahasahiranana eo amin'ny fiainany andavanandro. Isan'ny nitarainany koa, raisina lisitra fotsiny ny anarany kanefa tsy mahazo fanampiana akory, ny hany azon'izy ireo mialoha an'izay dia vary iray kapoaka sy voanemba 1 kapoaka madco isan-tokantrano".

***Isambilo***

Distrikan'i Moramanga

# Manana olona, manana hevitra ny antoko TIM hoy Dr Andry



*Dr Andry, filohan'ny Dis-TIM Moramanga.*

Naneho ny heviny mahakasika ny tanjaky ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro, ny filoha vonjy maikan'ny Dis-TIM any an-toerana Dr Andriamalala Herimanana, na Dr Andry. Nambarany fa manana ny maha-izy azy ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana any Moramanga, ankafizin'ny olona izany antoko izany hoy izy, satria sady manana olona no manana hevitra, manana olona tia manao zavatra, manana olona mamy hoditra eo amin'ny fiaraha-monina. Porofon' izany hoy ity mpitsabo mpanao politika ity, nitarika ny TIM tao an-tampon-tanànan'i Moramanga tamin'ny fifidianana depiote farany teo, ary tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna moa dia nandresy mihitsy, nefa haverina izany fifidianana izany, mbola tsy naverina hatramin'izao. Eo amin'ny fanetsehana sy ny famelomama-maso ny antoko, ampiketrehana izany mihitsy ny Dis-TIM amin'izao fotoana, miainga any amin' ny fokontany sy kaominina ary mipaka amin'ny distrika ny fanentanana. Izany no atao hoy Dr Andry dia manana adidy ihany koa amin'ny fampandrosoana ny firenena ity antoko ity. Ny fanetsehana sy ny famelomamaso ny antoko TIM any Alaotra Mangoro aza dia nambarany, fa tokony ho natao tany Moramanga araka ny toromarika avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana, nefa noho ny fepetra ara-pahasalamana mbola misy amin'izao fotoana dia nahemotra izany aloha. Eo amin'izay fanabeazam-boho ny antoko izany, nilaza Dr Andry fa ny mpikatroka hatramin'izay dia ezahana ny itazonana azy ireny, nefa ilaina koa ny olom-baovao, satria mila izany olom-baovao sy hevi-baovao izany ny antoko ary misokatra amin' ny rehetra hatrany ny antoko TIM hoy hatrany izy. Mahakasika ny fiarahamiasa tamin'ny GTT-RMDM Diaspora La Réunion notanterahana ny faran'ny herinandro teo, tamin'ny nanomezana fanampiana ireo traboina tao Moramanga, nahafaly anay sy ny vahoaka ny nisafidianana an'i Moramanga hoy izy, nandritra izany faly ireo nisitraka ny fanampiana satria nilamina ny fandaminana ary vokatry ny fo ny fanampiana nataon'ny GTT-RMDM Diaspora La Réunion.

***Isambilo***

GTT-RMDM Diaspora La Réunion

# Traboina miisa 200 no nomeny fanampiana tany Moramanga



*Ny solontenan'ny GTT-RMDM Diaspora La Réunion, nitondra fanampiana ho an'ireo traboina tany Moaramanga.*

Anisan'ireo distrika nitondra faisana noho ny rivodoza sy ny andro ratsy nandalo farany teto amintsika dia ny rivodoza Ana sy Batsirai, ny distrikan'i Moramanga any faritra Alaotra Mangoro. Noho izay antony izay, misy ihany koa ireo traboina any an-toerana. Nitondra fanampiana ho azy ireo ny alahady teo ny GTT-RMDM Diaspora La Réunion, na ireo Malagasy monina atsy amin'ny Nosy La Réunion avy amin'ny GTT (Gasy Tia Tanindrazana), sy ny avy amin'ny RMDM (Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara) any amin'i ty Nosy rahavavy ity. Fianakaviana miisa 200 no notolorana fanampiana tamin'izany: nahazo vary, siramamy ary savony. Nanolotra izany tamin'ny anaran'izy ireo, ny solontenan'ny GTT-RMDM Diaspora La Réunion eto amintsika Martial Tovonirina, sy Arphine Rahelisoa. Nandamina sy nitily ireo traboina kosa ny Dis-TIM Moramanga tarihan'i Dr Andry. Voalaza tamin'izany, fa mbola hitohy amin'ny faritra hafa izao hetsika ara-tsosialy hataon'ny GTT-RMDM Diaspora La Réunion izao, manana adidy izy ireo amin'ny fanampiana ny Malagasy mpiray tanindrazana mila fanampiana, amin'izao fahasahiranana lalina mahazo ny firenena sy ny mponina ao aminy izao.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Noho ny ataon'ny fitondrana Rajoelina

## Lavitra sy tsy ahita-mitsinjo ny lalana sy ny hihàtra amin'ny vahoaka

Manoloana ny zava-misy iainan'ny firenena ankehitriny dia lasa eritreritra ny olom-pirenana, mandinika sy mametra-panontaniana hoe : hanao ahoana no hiafaran' ny vahoaka Malagasy 27 tapitrisa ankehitriny? misy antenaina ve ny ho avin'ny taranaka faramandimby ? mbola hisy masoandro mihiratra ihany ve ? Raha ny zavatra hita mantsy amin'ny fo tsy miangatra dia lavitra ny lalana aleha tsy ahitàna mitsinjo ny zavatra hihàtra. Miaina ao anaty tonelina maizina ny tokantrano Malagasy vokatry ny zavamisy eto amin'ny firenena ankehitriny, ka sarotra ny ahatafavoahana amin'izany. Niteny ny mpitondra miloko lôranjy, izay nilaza ho haingam-pandeha fa ny zavatra rehetra tsy vitan'ny mpitondra teo aloha tao anatin'ny 60 taona dia ho ataony noho ny fitiavantanindrazana ao anatiny hono ? Ny zavatra hita anefa dia ny mifanohitra amin'izany. Ny firenena nangalàna ohatra fa ho ampindramina vola toa an'i Comores izao no lasa manome vola ny firenena Malagasy, mba ho fanampiany antsika vokatry ny rivodoza nifanesy teto amin'ny firenena. " Tsy hindrana vola amin'ny mpamatsy vola mahazatra isika, fa isika indray aza no hampindrana any Comores ". Mandeha daholo ny fampanantenana poak'aty eto amin'ny firenena ankehitriny ary toa ohatra ny famitahana vahoaka no betsaka. Misy ny fanampiana avy any ivelany nomena antsika hanampiana ny traboina toy ny vary, nefa avy eo entina hanaovana werawera hoe avy amin'i Prezidà Rajoelina dia tonga ilay fitenenana hoe "merci president". Manoloana izany dia avy hatrany ny mpamatsy vola mivantana no mitondra ny fanampiana ho an'ireo traboina. Dia toy izany no hitondràna ny firenena, koa aiza moa no andeha araka ny tokony ho izy ny fiainan'ny Malagasy, satria ny mpitondra tsy mba afaka manetry tena fa mila doka fotsiny dia mampanantena zavatra tsy ho vita toy ny teleferika izay tsy laharam-pahamehana akory. Tsy ny mahasoa ny vahoaka mihitsy no eritreretin'ny mpitondra, fa toa ny mahafinaritra izay tsy laharam-pahamehana amin'ny vahoaka.

***Helisoa***

Traboinan'ny rivodoza Batsirai

# Hanome fanampiana ho an'i Madagasikara i Kaomôro




*Ny lohatenin'ny gazety Al-Watwan atsy Kaomôro.*

Mitohy tonga ihany ny fanampiana vokatry ny takaitra navelan'ny rivodoza Batsirai teto amintsika. Ankoatra ny fanampiana avy amin'ny malala-tanana samihafa eto an-toerana, mitondra ny anjara birikiny koa amin'izao fotoana ny Havana aman-tsakaiza avy any dilambato, toy ireo fikambanana iraisam-pirenena, ny firenena avy any ivelany. Efa nitondra izay voatsirambin'ny tanany ho an'ny traboina i Japon, i Frantsa,… Fantatra koa izao fa hitondra fanampiana ho antsika Malagasy ny Nosy Kaomôro araka ny vaovao nivoaka tamin'ny gazety mpiseho isan'andro any amin'ity firenena ity dia ny gazety Al-Watwan, gazety anisan'ny lehibe indrindra ao amin'ity Nosy rahavavy ity. Vola mitentina eo amin'ny 600 tapitrisa Ar eo no hanampian'ny fitondrana atsy Moroni an'i Madagasikara amin'izany. Tsy araka ny vava navoakan'ny filoha Rajoelina arak'izany no misy nakehitriny hoe: hanampy an'i Comores i Madagasikara, fa ny mifamadika amin'izay no mitranga ankehitriny, hanampy an'i Madagasikara ny kaomôriana,…

***Niaina***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Tsy Imbiky ihany

# Fa hatrany amin-dRajoelina mihitsy no tokony hiala

Ny lohany mihitsy no matsatso amin'izao fitondrana araka ny efa nolazaina tamin'ity gazety ity, noho izany, tsy Imbiky Herilaza ihany no tokony hametra-pialana, fa ny Filoha Rajoelina mihitsy no tokony hanampy "gang" izay, na hesorina mihitsy, satria hita sy tsapa izao fa tsy voafehiny mihitsy ny fitantanam-panjakana. Nisy ny fanovana governemanta vao tsy ela akory nataon'ny filoha Andry Rajoelina volana vitsy izay, ka hoe governemantan'ny asa no nifanaraha tamin'izany. Vao notenedrena anefa ireo farany dia efa naha be resaka, indrindra teny amin'ny tambazotran-tserasera. Roa andro tato aoriana dia efa nisy minisitra nametra-pialàna sahady satria namaivay be ny fanenjehana azy io sy ny fampisehoana ny dossier mikasika azy. Maro ny olona no gaga fa angaha tsy mba nisy fanadihadiana mialoha ireny manana andraikitra lehibe eto amin'ny firenena ireny no dia mipoitra ny zavatra toy izany ? Ny sasany moa dia minia mikimpy tsy te hahalala mikasika ny fanakianana atao azy, fa dia tazonina mafy ilay seza volamena. Nandeha ny andro sy ny volana, tsy hita izay atao fa dia ny eo ihany no eo. Isaky ny misy fisehoana ataon'ny filoha Andry Rajoelina dia manome baiko ny minisitra ny tenany, mba tsy hipetraka any amin'ny birao fa tokony hidina ifotony manatanteraka ny filàn'ny vahoaka. Alefa fotsiny ny fitenenana fa tsy misy fanaraha-maso. Tato aoriana manomboka miseho ny ady an-trano ary tsy azo afenina intsony izany. Ao ny mampiakapeo hoe esory io minisitra io fa tsy mahavita azy. Mazava be aloha raha mitaky ireo olona na ao amin'ny fitondràna aza izy, satria mibaribary loatra ny tsy fahaizana mitantana eo amin'ireo minisitera maro, ka tsy takona hafenina izany. Mazava be ny hevitry ny olom-pirenena, ny lohany mihintsy no matsatso, ka tsy mahafehy ireo minisitra eo ambany fiadidiany. Maro be ny zavatra tsy milamina ataon'ireto farany, nefa modiana tsy hita izany, raha tsy hilaza afa-tsy ny minisitry ny serasera Lalatiana Rakotondrazafy tamin'ny resaka fitondran-tena niparitaka tamin'ny tambazotran-tserasera. Ny vadiny saika nitifitra basy olona nefa manana andraikitra ambony ao amin'ny fitondràna, tsy sahin'ny filoha Rajoelina ny manala azy mivady ireo, fa inona no antony? manontany tena mihitsy ny olom-pirenena. Ny mifanohitra amin'izay indray dia nametra-pialàna ny minisitry ny fitsarana Imbiky Herilaza, fa toa voasaringotra amin'ny resaka kolikoly. Tsy fantatra mazava aloha na nametra-pialàna marina na noterena satria efa nandeha mialoha ny feo, fa tsy hijanona eo amin'ny toerana maha minisitra azy izy. Ankoatra izay, maro ny mpisolelaka amin'ny fitondràna toy ny solombavambahoaka na senatera TGV, no mody miteny hoe, tokony hisy ny fanovàna governemanta, fa misy minisitra tsy maharaka ny dian'ny filoha izay haingam-pandeha ao, mba mihatsaravelatsihy kely aloha. Raha akapoka aloha dia ny feo mandeha dia izao, tsy mahafehy ny minisitra eo ambany fahefany Andry Rajoelina araka ny voalaza tetsy ambony dia izany no mahatonga ny firenena ho latsaka ankaterena toy izao. Asa na ny minisitra no manam-pahaizana loatra, ka tsy mifanaraka amin'ny filoham-pirenena ny zavatra ataon'izy ireo. Na ny filoha no tsy mahatakatra dia lasa mitenitey foana hihomehezan'ny olona fotsiny sisa. Ka raha izay no miseho dia tsy voafehinao mihintsy ny olona eo ambany fiadidianao fa dia samy mandeha samy mitady ianareo dia any amin'ny vahoaka no mifatratra ny rihitra. Mametrà koa fialana noho izany Andriamatoa Filoha, fa raha tsy izany mety hisy ny hanery anao ho amin'izany koa.

***Helisoa***

## Antoko AREMA

# Miaro ny tontolo iainana, nahavoly zanakazo miisa 3000



Tontosa ny sabotsy teo tany amin'ny tanin'ny antoko AREMA, tao amin'ny kaominina Tsiafahy distrikan'Antananarivo Atsimondrano ny fambolenkazo nataon'ity antokon'ny Amiraly Ratsiraka ity. Mpikambana manodidina ny 500 no tonga nanefa ny adidiny hoan'ny firenena izay, izay nahitana ny avy amin'ny mpikamban'ny Comité directeur ny Antoko ary notarihan'ny sekretera nasionaly Ramatoa Annick Ratsiraka, nahitana ireo mpikambana avy any amin'ny faritra. Nanotrona ihany koa ireo tanora Arema avy any amin'ny faritany 6. Zana-kazo miisa 3000 teo no novolena nandritra ny fotoana, hoy ny mpitarika. Azo lazaina ho anjara adidy amin'ny fanavotana ny firenena manoloana ny fahasimban'ny tontolo iainana ny fambolenkazo, hoy ny sekretera nasionalin'ny Arema. Nandritra izany ihany koa no nanaovan'ny sekretera nasionalin'ny antoko fanentanana ireo mpikambana, mba hanaramaso ny lisi-pifidianana ary hanamarina ny anarany ao. Nanamarika ny tenany fa handray anjara feno amin'ireo fifidianana ho avy any antoko. Nandritra io fotoana io ihany koa no nanararaotan'ireo avy amin'ny Akanin'ny Aremana nanaovana fifampiarahabana nahatratra ny taona vaovao. Nofaranana tamin'ny nofon-kena mitampihavanana ity fambolenkazo ity.

***Stefa***

Fiainan'antoko

# Velona sy mandray andraikitra ny Jeune TIM Toamasina




*Ny fihaonana teo amin'ny Jeune TIM Toamasina ny faran'ny herinandro teo.*

Nanatanteraka fihaonana ny tanoran'ny antoko Tiako i Madagasikara, na ny Jeune TIM any Toamasina faritra Atsinanana ny faran'ny herinandro teo. Fotoana izay nifanomezan'izy ireo vaovao mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, nifampiarahaban'izy ireo ihany koa tratry ny Asaramanitry ny taona vaovao 2022, ny fanetsehana na ny fameloma-maso indray ny antoko, indrindra ny ao anivon'ny tanora araka ny toromariky ny filoha mpanorina Marc Ravalomanana. Nisongadina nandritra izany, fa velona sy mandray ny andraikitra tandrify azy, ho fampiroborobona ny antoko hatrany ny Jeune TIM Toamasina. Manana taninketsa ho mpandimby ihany koa ny ao amin'ity antoko ity atsy ho atsy.

***Stefa***

---

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tsy Imbiky Herilaza ihany no tokony hametra-pialana, fa hatrany amin'ny filoha Rajoelina mihitsy

**Berthin Rakotovao:** tsy ny ministra Imbiky Herilaza ihany no tokony hametra-pialana fa hatrany amin'ny filoha Rajoelina mihitsy. Iaraha-mahita ny tsy fahaizany mitondra amin'izao fotoana, ny laingà fanaony, ny fampijaliana vahoaka ataon'ny fitondrany.

**Arp Helisoa :** zah aloha tsy hiditra lalina fa mba mitoraka voninkazo ilay nametra-pialana sa? Fa misy na dia efa trop be aza ny ataony dia vao mainka mamikitra be amin'ny seza.

**Domoina Rasamoelson:** izaho akia tsy mahazo hoe rehefa inona no ekena dia rehefa inona no miala dia rehefa inona no tsy haiko ? dommage ho @ carrière pol ilay izy raha tsy mitohy izay fahasahiana izay;

**Lova Rakotonirina :** efa haiko! ikala experte en toute matière!kkkkkk, iny no tokony hiala na hesorina !

**Ambatomanitrasina Vohitra Masina :** patsa mena sy...

**Marie Dinvan :** vola sy voninihitra, no hamikirany eo, tahotra sy henatra efa tsy ahoany intsony. Tsy misy volo ny handriny tsinona ko !

**Richard Randrianarijaona :** marigny ankitiny fa tsy vandy hoy ilay hita izay.

**Ranoux Ramaholy:** hivoaka tsy ho ela ny Diamondra d miandry an'izay hono zareo ho entina any Dubai.

**Nantenaina Derasoa :** perdre avec classe...

**Martial Tovonirina :** ohatrin'ny mba filou HONO !?

**Ranaivorazo Feno:** fa tokony hitohy ny fanadihadiana !

**Aina Ranaivo :** toerana indramina anie io e, tsy tokony hisy hamikitra.

**Fleurette Alisoa :** miala daholo no tena izy, fa tsy mahavoa mihitsy amin'ny fitantanam-pirenena.

**Gregoire Ramanantena:** Rajoelina mihitsy no tokony hametra-pialana, na terena hiala koa, efa nisy ny toy izany tany Zimbabwe, tany Bolivie,... Noteren'ny tafika hiala ny filoha fa efa tena tsy lasa intsony, nivaralila tanteraka ny firenena tany tamin'izay. Toy izany koa no misy eto izao io.

---

## TONONKALO

### Fitondrana efa lo

Toa tsy azo nafenina intsony ny feo
F`efa traingo ny afera malotonareo,
Ka dia inona indray izany izao reo no paika,
Sa mody mifitsaka sy tsy miraika ?

Ny hita mivaingana sady efa tsapa,
Dia maro ianareo no efa maimbo ao an-dapa,
No sady voakiana sy voatondro molotra
Ho tena mpanao risoriso sy tsolotra.

Hany ka maro amin`iretsy vahoaka
No miandry dia miandry izay zavatra hipoaka,
Ka asa izy ity na dia tena hirefotra,
Na hotakonana indray dia hitsefotra !

Ankoatran`izany dia manampy trotraka
Ireo ady hafa izay tena mangotraka,
Izay ifanaovan`ireo " samy andry"
Ka tena efa zary tsy mahatafandry !

Raha io no hipoaka dia vao mainka loza
Ny zavatra hanjo anareo samy foza,
K`aleo mihatakataka sy tsy miroboka
Sao idabohanareo "andry boboka"!

***TSIMIMALO (14-02-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, sary facebook.

**Ny solontenan'ny GTT-RMDM Diaspora La Reunion, nanome fanampiana ireo traboina tany Moramanga ny alahady teo. Nandamina ireo traboina tamin'izany ny DisTIM Moramanga.**













**Ny fambolen-kazo nataon'ny antoko AREMA teny Tsiafahy, Antananarivo Atsimondrano, ny sabotsy lasa teo.**





## NY TENY FIAINANA

*"Ary amindrao fo ny sasany izay mihanahana;[Na: raha miady aminareo izy]".*
***Joda 1:22***

**ORANGE PRO LEAGUE 2021/2022**

# Efa mivoaka sahady ny fandaharam-potoana andro faha-9

Aty amin'ny fiandohan'ity herinandro diavina ity dia efa mivoaka sahady ao anaty pejin'ny "Orange Pro League", ny fandaharan-dalao andro faha-9 amin'io fifaninanana io, ka amin'ny sabotsy 19 febroary 2022 : As Fanalamanga # Jet Kintana (kianja "Stade Barikadimy Sadium Toamasina", Cffa # Zanakala Fc (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass").




*Disiples Fc teny amin'ny By-Pass.*

Amin'ny alahady 20 febroary 2022 kosa : Cosfa # Five Fc (kianja "Complexe Sportif Cnaps Vontovorona"), Fosa Juniors Fc # Uscafoot (kianja Rabemananjara Mahajanga"), Tia Kitra Fc # Ajesaia (kianja "Stade Barikadimy Stadium Toamasina"), Cffa # Zanakala Fc (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"), Disciples Fc # A. Dato Fc (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"), 3Fb Toliara # Jfc Toliara (kianja "Stade Maître Kira Toliara"), Mama Fca # Elgeco Plus (kianja "Stade Moderne Ampasambazaha").

Voka-dalao andro faha-8 : Jet Kintana 2-0 Tia Kitra Fc, Five Fc 0-1 As Fanalamanga, Ajesaia 0-2 Fosa Juniors Fc, Usca-foot 1-1 Cosfa, A. Dato Fc 1-0 Mama Fca, Jfc Toliara 0-3 Disciples Fc, Zanakala Fc 2-1 3Fb Toliara, Elgeco Plus 0-0 Cffa.

Filaharana vonjimaika taorianan'io andro faha-8 io : "Conférence Nord" : Fosa Juniors Fc manana isa 20 (+12), As Fanalamana isa 13 (+2), Cosfa isa 12 (+1), Uscafoot isa 11 (0), Ajesaia isa 10 (+1), Jet Kintana isa 7 (-4), Five Fc isa 6 (-4), Tia Kitra FC isa 6 (-8).

"Conférence Sud" : 1°-Disciples Fc isa 14 (+6), 2°-Cffa isa 14 (+5), 3°-A.Dato Fc isa 12 (+2), 4°-Mama Fca isa 11 (-1), 5°-Elgeco Plus isa 10 (+2), 6°-Zanakala Fc isa 9 (-3), 7°-3Fb Toliara isa 5 (-3), Jfc Toliara isa 3 (-8).


***Rainilita***

**Filohan'ny Federasiônan'ny Kick Boxing**

# Ho kandidà i Maître Boto Gilbert

Nifarana hatreo ny resabe mahakasika ny mety ho firotsahan'i Maître Boto Gilbert filoha mpanorina ny klioban'ny Lion Force, ho kandidà ho filohan'ny Federasiônan'ny taranja kick-boxing vaovao eto Madagasikara, fa nambarany ôfisialy tamin'ny resadresaka nifanaovany tamin'ny mpanao gazety tamin'ny zoma 11 febroary 2022 lasa teo izany firotsahana ho fidiana amin'ity fitantanana an'ity rafitra ity ary ny efa nanaterany ihany koa ny antontan-taratasy tany amin'ny rafitra mahefa hitantanana an'izany Federasiôna izany.

Ireo ligy sy klioba ary mpikatroka kick-boxing maro no nambarany fa nano-



*Maître Boto Gilbert.*

sika azy amin'izao firotsahan-kofidiana izao.

Efa ho 20 taona katroka izao ny lehilahy no nilomano tao amin'ity taranja ity, niainga tany amin'ny maha-mpilalao tsotra azy, ka hatramin'ny nahatongavany ho mpanazatra nasiônaly sy fanangana klioba iray matanjaka eto Antananarivo ankehitriny.

Fantatra indrindra teo amin'ny fahafehezana mikarakara hetsika kick-boxing samihafa toy ny " Xtreme combat " i Maître Gilbert ary nanambara, fa vonona tanteraka ny hampiroborobo indray sy hamerina ny lazan'ity taranja ity hatramin'izay, na dia hamoahany vola ampaosy aza izany raha ilaina.

Marihana fa hiandry an'ity Maître ity raha toa ka lany soa aman-tsara amin' izany fifidianana izany izy, ny fikarakarana ny fandraisantsika Malagasy anjara amin'ny "championnats du monde Junior de kick boxing» amin'ity taona 2022 ity, sy ny fikarakarana ihany koa ny «Jeux des Iles 2023 » ary ny « Jeux Olympiques 2024 ».

Ho vaindohan-draharaha ho tanterahiko amin'ny fotoana mahalany ahy ny hanome asa an'ireo atleta misehatra ny taranja kick-boxing, hoy izy, sy ny hikarakara fanomezana "équipements » sy «formations» hoan'ireo atleta Malagasy.

Any amin'ny andron'ny 6 martsa 2022 ho avy izao, no hanatanterahana an'io fifidianana izay ho filohan'ny federasiôna Malagasy ny taranja kick-boxing io.

***Rainilita***

**Basket "Tounoi du nouvel an 2022"**

# Nifarana tamin'ny alahady tany Mahajanga

Nifarana tamin'ny alahady 13 febroary 2022, tao amin'ny kianja "Complexe Sportif Ampisikina", ireo lalao famaranana ny fifaninanana basikety « Tounoi de nouvel an 2022 », nokarakarain'ny seksiôn' ny taranja basikety baolina any Mahajanga I.




*Tompondaka tany Ampisikina Mahajanga.*

Vokatr'ireo lalao famaranana rehetra azo tamin'izany :

Sokajy U 12F : Sja 20 – 09 Sepa.

Sokajy U 12G : Jsb 27 - 17 Bco.

Sokajy U 14F : Sepa 20 - 00 Asv.

Sokajy U 14G : Bcd 38-51 Jsb.

Sokajy U 16G : Sepa 72 - 26 Bco.

Sokajy U 18G : Bco 33 - 21 Jsb.

Sokajy Open Dame : Sepa 38 - 62 Ybbc.

Sokajy Open Homme : Sbbc 61 - 53 As Victoire.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Gana ritra sy dipoavatra maitso indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Mila mihinana tongolobe ny misy diabeta sy marary vavony



Mila mihinana tongolobe ny misy diabeta sy marary vavony. Ny soa azo avy amin'ny fihinana tongolobe indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Miaro amin'ny cancer, na homamiadana ny tongolo, manakana ny fitomboan'ny sela misy homamiadana izy. Tsara ho an'ny Diabetika, satria mampilamina ny tahan'ny siramamy ao amin'ny rà. Miaro amin'ny aretim-bavony. Mampatanjaka ny hery FIAROVANA. Manala kohoka, sery, tazo: atao sirop izy amin'ity farany ity. Mixé-na miaraka amin'ny siramamy mena sy tantely dia avela mandritra ny 1andro izay vao hanina tsikelikely. Mampijanona tevi- doha, na orona mandeha rà: zaraina 2 ny tongolo dia ilay atsasany no atao eo ambany orona mandritra ny 3 min na 4 min. Tsara ho an'ny fo, miaro amin'ny aretin'ny fo sy ny lalan-drà. Mampijanona fanaintainana. Manala cholestérol tsy ilain'ny vatana. Tsara hoan'ny hoditra. Tsara ho an'ny volo. Tsy mampivaingana rà. Mampihena hafanana. Tsara ho an'ny olona asthmatique, mampisokatra ny taovam-pisefoana. Tsara ho an'ny saina, indrindra manampy amin'ny fitadidiana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Bekopaka any amin'ny distrikan'Antsalova faritra Melaky

Ny tanànan'i Bekopaka any amin'ny distrikan'Antsalova faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Bekopaka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antsalova. Efa azo lazaina ho avo toerana ihany izy, satria 334 m ny haavony mihoatra amin'ny ranomasina. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. Lalovan'ny reniranon'i Manambolo ny tanànan'i Bekopaka. Vokatra any ny vary, ny katsaka, ny akondro, ny mangahazo. Amin'ny fisian'ny reniranon'i Manambolo izay azo anaovana kayak, fisosana sy fandehanana lakana amin'ny rano, sy ny fisian'ny Tsingin'i Bemaraha any amin'ity kaominina ity, miroborobo ihany koa ny fizahantany any Bekopaka. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any an-toerana.



MPINO KRISTIANA FJKM

## Hanao tolo-tanana ho fanampiana ireo traboinan'i Batsirai

Manodidina ny fahavoazana vokatry ny rivo-doza Batsirai teo iny, dia nanapa-kevitra ry zareo avy amin'ny fiangonana Fjkm, fa hanao tolo-tànana hanampiana ireo traboina sy hitondra am-bavaka hatrany, araka ny vaovaompiangonana naparitaka ny alahady teo. Manentana ireo mpino kristiana tsy ankanavaka izay afaka manampy ara-bola, na afaka manolotra fitaovana fandrahoana sy fihinanana, na fitaovam-pitafiana, na lamba firakotra, izany dia azon'ireo mpanolotra haterina any amin'ny fiangonana nandrenesany izany filazana izany, na koa any amin'ny synodam- paritany, nefa azony hatao koa ny manatitra izay foiny eny amin'ny Fjkm Analakely, na ny foibe ihany koa. Tamin'ny filazan-draharaha no nahenoana, fa azo alefa amin'ny alalan'ny finday amin'ireo tompon'andraikitra ny vola raha misy tsy fahafahana. Nanomboka omaly 14 febroary ny asa fanasoavana, fa ny Fjkm Analamahitsy ohatra, dia nilaza fa ny tsara sy mifanaraka amin'ny fandaharana ho azy ireo, dia ny zoma sy sabotsy maraina manomboka amin'ny 8 ora hatramin'ny atoandro ny fotoana handraisana ireo fanomezana, ry zareo no hanatitra ny anjarany any amin' ny synodam-paritany Fjkm, izay miantoka ny lamina mankeny amin' ny foibe. Eto am-pamaranana, nahatsiaro am-bavaka ireo traboina avokoa ny mpino kristiana tamin' ny alahady 13 febroary lasa teo, tsy nanadino ny hira ho an ' ny tanindrazana, ary tsy diso anjara tamin'ny fanaovana rakitra natokana ho amin'izany. Nandritra ireo fidirana 2 na 3 efa fanaony amin' izao fotoanan'ny Covid-19 izao, izay nanarahana ny fomba amam-panao samihafa amin'ny fepetra ara-pahasalamana, toy ny: fanadiovana tànana eo am-pidirana, ny fanajana ny elanelana 1 metatra amin'ireo seza, sy ny fanaovana aro vava sy orona.



*Azo haterina ato amin'ny FJKM Katedraly Analakely ny fanampiana ho an'ireo traboina, avy amin'ny mpino FJKM.*

**Beharo**

Fetin'ny mpifankatia

## Lehilahy iray nitsoraka teo amin'ny tetezana Anosizato

Nisehoana tranga mampalahelo ny fanamarihana ny fetin'ny mpifankatia omaly 14 febroary teto an-drenivohitra. Lehilahy iray no nitsoraka teo amin'ny tetezana Anosizato, amin'ny ranon'Ikopa iny. tsy mbola hay izay nahazo ity lehilahy ity, na namoy fo tamin'ny fitiavana, na namoy fo amin'ny fiainana, na antony hafa, fa dia namono tena teo amin'ity tetezana ity izy. Avy eny ambony tetezana tetsy Anosizato ity lehilahy no nitsoraka. Araka ny fahitan'ireo nanatri-maso, namono tena ity tovolahy ity, saingy tsy fantatra ny tena anton'izany famonoan-tena izany. Mbola tsy hita ity farany amin'izao fotoana ary efa tonga eny an-toerana manao ny fikarohana kosa ny avy eo amin'ny sampana mpamonjy voina.

**Stefa**




*Ny tetezana Anosizato omaly.*

Lalam-baovao Tsarasaotra

## Fiara 4 x4 latsaka tany an-tanimbary, rehefa avy nandona fiara iray

Teny amin'ny lalam-baovao Tsarasaotra Antananarivo, làlana mihazo an'Ivato no nisehoana lozam-pifamoivoizana ny alahady teo, tamin'ny 02 ora maraina mahery. Fiara 4×4 iray ana teratany kaomôriana no latsaka tany an-tanimbary rehefa avy nandona fiara kely iray hafa. Saika hisongona ny fiara teo alohany ity 4x4 no nandona ny teo alohany ka nikipily avy hatrany. Nihisaka tamin'ny sisin'ny lakandrano kosa ilay fiara kely iray voadona. Tsy nisy ny aina nafoy, fa naratra ilay teratany kaomôriana nitondra. Samy nahitana fahasimbana avokoa ireo fiara roa.

**Niaina**



*Ilay fiara 4 x4 latsaka tany an-tanimbary.*

Rivodoza Dumako


## Mety hikasika an'i Madagasikara anio hariva

Mikisaka manatona ny morontsirak'i Madagasikara hatrany ilay rivodoza Dumako, araka ny vinavinan'ny sampana mpamantatra ny toetrandro eto amintsika, mety hikasika an'i Madagasikara izany rivodoza izany anio hariva. Nahazo anarana Dumako io rivodoza io afak'omaly alina, izay niforona tao amin'ny ranomasimbe Indiana. Any 600 km mahery Avaratra Atsinanan'ny Nosy Sainte Marie no nisy ny foibeny omaly. 85 Km/ora ny rivotra miaraka aminy, arahina tafiotra 120 Km/ora. Mikisaka miakandrefana somary Atsimo Andrefana izy, ka mahafaka 27 Km/ora. Tombanana hiditra an-tanety eo anelanelan'Antalaha sy Sainte Marie anio tolakandro na anio alina amin'ny tanjaka 65 Km/ora i Dumako. Ho betsaka ny rotsakorana manodidina ny faritra hidirany (>150 mm). Miova ho toy izao ny filazana loza :

- Filazana loza manambana miloko mavo: Sava, Analanjirofo, Toamasina I-II ;
- Filazana fanairana miloko maintso: Diana, Bealanana, Befandriana Avaratra, Mandritsara, Andilamena, Amparafaravola, Ambatondrazaka, Brickaville.

Ny mpampiasa ranomasina eo anelanelan'i Brickaville sy Vohemara dia entanina mba tsy hiandriaka intsony, satria hiha-ratsy ny toetry ny andro.

**Niaina**



*Ny toerana nisy an'i Dumako omaly any an-dranomasina.*


Taranjam-panatanjahantena

## Feno 127 taona ny volley-ball maneran-tany

Feno 127 taona katroka tamin'ny talata 09 febroary lasa teo ny nanambaran'ny "professeur d'éducation physique" Willam Morgan ny fitsanganan'ny taranja volley-ball maneran-tany. Tamin' ny 9 febroary 1895 tany Etats-Unis tao anatin'ny fanatanterahana ny "première exposition historique de la "Mintonnette", fiantsoana ny volley-ball tany am-piandohany no nanambarany an'izany. Marihana fa ny taranja volley-ball dia fanatanjahantena iombonana ifanandrinan'ny ekipa roa manana mpilalao 6 avy ary sarahan'ny "filet" iray eo afovoany. Kianja mirefy 18 metatra amin'ny 9 metatra no ilalaovan'ireo ekipa roa ireo, ka ambara fa mpandresy izay ekipa niezaka mahazo isa be indrindra tamin'ny alalan'ny fandatsahana ao amin'ny tanin'ny ekipa mpifanandrina aminy ny baolina hilalaovana. Isa 21 amin'ny ankapobeny no tratrarina ao anaty seta 1 (misy seta 3 ny lalao iray).

Tamin'ny 20 aprily taona 1947 no niforona ny FIVB « Federation Internationale de Volley Ball », izay manana ny foibe any Lausanne Suisse ankehitriny, ka firenena mahatratra 222 no mpikambana ao aminy.

Tamin'ny taona 1964 tany Tokyo no tafiditra ôfisialy, ho anisan'ireo taranja ifaninanana amin'ny "Jeux Olympiques d'été" ity taranja ity.



*Ny taranja Mintonnette fahiny.*

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/02/2022 hatramin'ny 12/02/2022**

- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/ 034 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1262-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Foibe Fikarohana momba ny Fambolena (FOFIFA)

# Nahita karazam-bary mahazaka ny fiovaovan'ny toetrandro



*Karazam-bary vaovao vao hitan'ny FOFIFA.*

Nahita karazam-bary mahazaka ny fiovaovan'ny toetrandro ny FOFIFA, na ny Foibe Fikarohana momba ny Fambolena eto amintsika. "Nody ventiny ny rano nantsakaina" hoy ny Tale jeneralin'ny Foibempirenena momba ny Fikarohana ampiharina amin' ny Fampandrosoana ny ambanivohitra (FOFIFA), Pr Razafinjara Aimé Lala. Rehefa nanao fikarohana nandritry ny taona maro dia nahita karazam-bary mahazaka ny fiovaovan'ny toetrandro, no fohy ny tsingerim-paniriny (cycle court) nefa mahavokatra, toy ny «Sebota» ity toeram-pikarohana ity. Nahitana vokatra koa ny fitadiavana karazana vary mahatohitra ny toe-tany ratsy, sy misy fanapoizinana ataon'ny « fer » na vy sy ny « aluminium », toy ny fahita amin'ny faritra afovoan-tany sasany. Anisan'izany ny Fofifa 160, X265, X148. Mitohy hatrany, hoy izy, ny fikarohana na dia sarotra sy maharitra 9 taona aza vao tena mahatafavoaka fikarohana masomboly iray tsy miovaova.

***Aly***

### Fetin'ny mpifankatia tany Sambava

# Nisy nisompatra ny saika nandraisana izany teny amoron-driaka

Saika nomarihana tamin'ny fomba miavaka teny amoron-driaka, na amoron-dranomasina tany Sambava, renivohitry ny faritra Sava ny fetin'ny mpifankatia, na Saint Valentin. Nisy namotika nandritra ny alina anefa ireo haingo mahafinaritra teny amoron-dranomasina, natao mba hakan'ireo mpifankatia sary omaly 14 febroary. Niveri-maina avokoa ireo mpifankatia tonga teny an-toerana vao maraina. Nialoha izany anefa voaravaka ny moron-dranomasina hoentina hankalazana ny fetin'ny mpifankatia. Fiaraha-miasan'ny APARSE (Association des Personnels de la région Sava) sy ny kaominina any an-toerana io nandravahana ny moron-dranomasin'i Sambava io, nefa izao nisy nisompatra izao.

***Niaina***




*Nisy nadrava toy izao ny ravaka tamin'ny moron-dranomasin'i Sambava.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 384**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0383)

***Mitsivalana***
- Tselatra
- Aloa (miv) – Voy
- Laona – An
- Bika
- Eto – Ao (miv)
- To – Riba
- Antalaha

***Mitsangana***
- Talenta
- Soa – On
- Elobe
- Lanitra
- Lioka (miv)
- TV – B‡
- Roa – Hao (miv)
- Ainga

## TENY MIFANAPAKA N° 384




**Mitsivalana**

**1.** Karazana fifamoivoizana **2.** Dada – Tsy misy volo (miv) **3.** Olona velon'aina **4.** Atao fotsy, atao mena – Solfa **5.** Tazana (BL) – Esotra – Anelanelan'ny nono **6.** Kianteny – Mitempo – Tany kely **7.** Fanontaniana – Foko 8. Mpampiankina – Iry, ila (miv) **9.** Tsy ara-potoana – Aizina **10.** Ao ambadikao

**Mitsangana**

**A.** Boribory – Marina **B.** Mifanohitra amin'ny diovina **D.** Eo amin'ny loha – Doboka E. Biby (miv) – Diovy **F.** Voa maina **G.** Tsirin-teny Iharana – Zanan-tsoratra **H.** Fanampin'anarana – Naoty **I.** Aro orana – Nanavotra (miv) **J.** Tanterahina **K.** Iangaviany – Asa

### Valiny Teny mifanaraka 0383

**Mitsivalana**

**1**.Fizahana **2.** In – Omby **3.** Tongava – As **4.** Sigara **5.** Maizina (miv) **6.** Rano – Nioty (miv) **7.** (S)aka – Avelao **8.** Nao – Ka – La (miv) **9.** Ao – Tazanao **10.** Raisina

**Mitsangana**

**A** Fitsarana **B.** O.I – Roaka (miv) **D.** Zinganao **E.** Angano – Ti **F.** Ary – Saka (miv) **G.** Vazivazy **H.** Noa – Ety (miv) – An **I.** Ma (miv) – Taolana **J.** Ba – Miala **K.** Gisa – No – (M)of(o)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana, nitondra fanampiana ho an'ireo traboina tany Mananjary faritra Vatovavy, nanampy tamin'ny fanadiovana ny tanàna koa izy ny mpiara-dia taminy.**



Ireo Tily sy Mpanazava nanadio ny tanànan'i Mananjary araka ny toromariky ny filoha Marc Ravalomanana.





Ny filoha Marc Ravalomanana niara-niombom-bavaka tamin'ny Birao foiben'ny FJKM, sy ny solontenan'ireo traboina tao amin'ny fiangonana FJKM tany Mananjary.

